INTERNATIONAL MONETARY FUND
COMMUNICATIONS DEPARTMENT

Fampitam-baovao
AMPITAINA AVY HATRANY
25 Novambra 2019

Tahirim-bola iraisam-pirenena
Washington, D.C. 20431 USA

**Nahatontosa ny iraka nampanaovina azy araka ny fitsirihana vorakitry ny andininy faha-4 sy ny tombana momba ny FEC eto Madagasikara ny ekipan'ny FMI**

Ny famoaham-baovao amin'ny famaranana ny iraka ataon'ny teknisiana ao amin'ny FMI dia mirakitra fanambarana mitatitra ny fehinkevitra santatra nataony rehefa avy nitsidika firenena iray izy ireo. Ny hevitra hita amin'ity fanambarana ity dia hevitr'ireo sampan-draharaha ao amin'ny FMI ihany, fa tsy voatery ho hevitry ny filankevi-pitantanana. Raha toa ka ankatoavin'ny Fitantanana ao amin'ny FMI ity fehin-kevitra santatra ity dia hamolavolàna tatitra izay hoentina eo anivon'ny Filan-kevim-pitantanana mba hanaovana fanadihadiana sy handraisana fanapahan-kevitra.

- Hanakaiky ny 5% ny taha-pisondrotan'ny harin-karena amin'ity taona ity, taratry ny fivoaran'ny vokatra hita eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanafainganana ny famoaham-bolam-panjakana.
- Mahafa-po ny fanatanterahana ny fandaharan'asan'ny fitondram-panjakana tohanan'ny FEC
- Ny finiavan'ny fitondrana malagasy hampiakatra ny fampitomboam-bolam-panjakana sy ny fandaniam-bola mitsinjo ny lafiny sosialy dia mitaky ezaka hatrany hampitomboana ny fidiram-bolam-panjakana sy fifehezana ireo vola hamatsiana ny sehatry ny angovo sy ny herin'aratra.

Nanatontosa iraka teto Antananarivo ny faha-11 ka hatramin'ny faha-25 novambara ny ekipa avy ao amin'ny tahirim-bola Iraisam-pirenena notarihan 'Atoa Charalambos Tsangarides , lehiben'ny iraka, hanao fandinihana ho an'ny taona 2019 araka ny voarakitra ao amin'ny Andininy faha-efatry ny satan'ny FMI, sy hanao ny tombana andiany faha-6 sady farany ny fandaharan'asa hanatsarana ny toekaren'i Madagasikara izay tohanan'ny FEC.

« Ny dinika natao dia nahafahan'ny Fanjakana Malagasy sy ny iraka avy amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena namoaka fifanarahana momba ny tombana faha-enina amin'ny fandaharan'asa, saingy miandry fankatoavana avy amin'ny Foibem-pitondran'ny FMI sy ny Filan-kevi-pitantanany izany. Heverina ho amin'ny volana janoary 2020 ho avy izao ny handinihan'ny Filan-kevi-pitantanan'ny FMI ny tatitra mikasika izany tombana izany."

Tamin'ny famaranana ny fitsidihana dia nanao izao fanambarana izao Atoa Tsangarides:

" Na dia teo aza ny somary fihisatry ny fandraharana nandritra ny enim-bolana voalohany, indrindra noho ny fahatarana tamin'ny fanatanterahana ny teti-bolam-panjakana, dia azo heverina fa ho tsara ny fivoaran'ny toe-karena amin'ny ankapobeny. Ho an'ny taona 2019 dia heverina hahatratra 4,8% ny fisondrotry ny harin-karena, ary izany dia vokatry ny fiakaran'ny fampindramam-bolan'ny banky, ny firoboroboana eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, ny fitaterana ary ny varo-draharaha (services). Nohon'ny fihenam-bidin'ny lavanila dia efa tsinjo sahady ny tsy ho fahampian'ny fidiram-bola ivelany (déficit du compte courant). Na dia avo aza ny tahan'ny sondro-bidim-piainana tamin'ny taona 2017 dia efa hita fa mijotso miandalana izany ary azo heverina fa ho voafehy manodidina ny 6% izany amin'ny fiafaran'ity taona ity. Ho an'ny taona 2020 dia efa tsinjo fa hihatsara hatrany ny fivoaran'ny toekarena ka vinavinaina hahatratra 5,2% ny fisondrotry ny harin-karena, ary izany dia noho ny fitomboan'ny fampiasam-bolam-panjakana eo amin'ny sehatry ny fotodrafitr'asa, ny fahasalamana ary ny fanabeazana, ary ny fivoaran'ny sehatra tsy miankina indrindra eo amin'ny lafiny fizahan-tany, sy ireo varo-draharaha hafa ary ny indostria madinika.

« Mahafa-po ny fanatanterahana ny fandaharan'asa tohanan'ny famatsiam-bola FEC izay hifarana amin'ny fiandohan'ny taona 2020. Tanteraky ny fanjakana malagasy avokoa ny fepetra rehetra tokony hatao hatreo amin'ny volana jiona 2019, ary tratra ny tanjona amin'ny fampidiran-ketra. Na izany aza, ireo fampiasam-bola ho an'ny lafiny sosialy tohanan'ny famatsiam-bola avy ato anatiny dia tsy tontosa, ary misy elanelana lehibe raha mitaha amin'izay noheverina hatao. Tsy ho tratra araka izany ny tanjona voafaritra ao amin'ny Lalàna mifehy ny teti-bola nasiam-panitsiana. Nahomby ny famerana ny fiovaovana tafahoatra teo amin'ny sandam-bola ivelany, ary afaka nampitombo miandalana ny tahirim-bola vahiny ny Banky foibe. Afaka nitantana am-pahombiazana ny volan'ireo banky koa ny Banky foibe, tamin'ny alalan'ny tsena ara-bola, ka naha-marin-toerana ny toe-karena amin'ny ankapobeny. Misy fivoarany ny fanatsarana ara-drafitra na dia somary miadana tsy araka ny niheverana azy aza. Na dia teo aza ny dinika nahitam-bokatra tsara tamin'ny famaritana ny vidin'ny solika ampiharin'ireo mpaninjara dia mbola mitoetra hatrany ny elanelana eo amin'ny vidiny tokony ho izy sy izay ivarotan'ireo mpaninjara, hany ka tsy ahafahan'ireto farany mampivelatra ny asany.

« Nankasitraka ny finiavan'ny fanjakana hizotra hatrany amin'ny fampivoarana ny harin-karena, hanatsara hatrany ny fampidiran-ketra ary hanome vahana ny sehatra sosialy ny iraka avy amin'ny FMI. Ny fanaovana ho loha-laharana ny fampivoarana ny fihariana dia

miankina indrindra amin'ny fanomezana vahana sy ny fanatanterahana tsy misy hatak'andro ny tetik'asa fampiasam-bola mitondra mankany amin'ny fampitomboana ny harin-karena . Ny fanatrarana ny tanjona amin'ny fampidiran-ketra dia miankina amin'ny ezaka eo amin'ny fanangonana izany, ny fanamarinana ny antontam-baovao eo amin'ny sampan-draharan'ny fadin-tseranana sy ny hetra, ary ny fandinihina indray ny vola tokony hampiasaina amin'ny fampidiran-ketra sy ireo fepetra mahakasika ny fanafoanana ny hetra tokony halohan'ny mpandraharaha. Ny fampihenana ny fahantrana dia mitaky ny fampiharana araka ny tokony ho izy ny fampiasam-bola eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny fanabeazana ary ny famerana ny famoaham-bola tsy tena laharam-pahamehana toy ny fanampiana ho an'ny mpandraharahan'ny solika sy ny sehatry ny herin'aratra.

« Ny iraky ny FMI dia nanamarika ny maha-zava-dehibe ny fampiharana ny vidin'ny solika eto an-toerana hifanaraka amin'ny vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, sy ny handamina ny trosan'ny fanjakana amin'ny mpanjinjara mba hialana amin'ny vesatra eo amin'ny volam-panjakana. Nanamafy ny tokony hizorana amin'izany lalana izany ny iraka avy amin'ny FMI ary nanambara fa tokony hisy ny fepetra hitsinjovana ireo sokajin'olona tena marefo mba tsy ho mafy loatra ny fiantraikan'izay mety ho fanitsiana ny vidin'ny solika amin'izy ireo . Takiana koa ny fanatsarana ny fomba fiasa sy ny fitantanana eo anivon'ny orinasam-panjakana JIRAMA mba tsy ho vesatra ho an'ny teti-bolam-panjakana izy ka hisian'ny paik'ady hanatsarana ny fidiram-bolany sy ny fanatsarana ny fitantanana. Tohanan'ny iraka avy amin'ny FMI ny fepetra efa noraisina hampihenana ny fandaniam-bola ao amin'ny JIRAMA indrindra ny famerenana indray ny fifampiraharahana amin'ny mpandraharaha mpamokatra herin'aratra sy mpamokatra angovo, ary ny fanaovana fanadihadiana trosa tsy voalohan'ity orinasam-panjakana ity.

« Mampirisika ny fanjakana malagasy hiroso bebe kokoa hatrany amin'ny fanatsaram-pitantanana ny iraka avy amin'ny FMI. Singanina manokana amin'izany ny fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly, fanalahidin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana sy fisarihana ny fampiasam-bola. Amin'io lafin-javatra io ny iraka avy amin'ny FMI dia mankasitraka ny famoahana ny didy hitsivolana momba ny fanefana ireo harena tsy hita fototra ary nanindry ny maha-zava-dehibe ny famoahana ny didy fampiharana mifandraika amin'izany. Mba hampivaingana sy hidirana bebe kokoa amin'ny fanovana ara-drafitra eo anivon'ny Banky foibe momba ny politika ara-bola sy famamafisana ny fandraharahana ara-bola tsy manavaka (inclusion financière), ny iraka avy amin'ny FMI dia mankasitraka ny fikasan'ny fitondram-panjakana hampandany eo anivon'ny parlemanta ny lalàna vaovao mifehy ny banky sy ny lalàna mifehy ny fahamarinan-toerana amin'ny fandraharahana ara-bola.

« Nihaona tamin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina, ny Piraiminisitra Christian Ntsay, ny Ministry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola Richard Randriamandranto, ny Minisitra mpisolo toerana misahana ny Angovo, ny Rano ary ny Akoran'afo Christian Ramarolahy, ny Governoran'ny Banky Foibe teo aloha Alain Rasolofondraibe, ny Governora vaovao Henri Rabarijohn, ireo tompon'andraikitra ambony hafa eo anivon'ny Fitondram-panjakana, ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fampandrosoana, ary ireo solon-tena avy amin'ny sehatra tsy miankina sy ny firaisa-monim-pirenena, ny iraka avy amin'ny FMI ».

« Mankasitraka ny fitondram-panjakana amin'ny fiaraha-miasa an-kitsipo nasehony sy ny dinika hanatsaran-javatra ny iraka avy amin'ny FMI»